



N° 01—Mars 2017



# LE JOURNAL EAST

EAU AGRICULTURE ET SANTÉ  
EN MILIEU TROPICAL

## TENY FOHY...



**Jérémie LAUTIER, Solon-tenan'ny ONG EAST eto Madagasikara**

Miarahaba ny mponin'Antsirabe,

Amin-kafaliana no hanoloranay ny laharana voalohany amin'ity gazety momba ny tetikasan'ny ONG EAST ity, izay hiarahana amin'ny Kaominina Ambonivohitra Antsirabe ary hotanterahina ao anatin'ny 30 volana. Ny tanjon'ny tetikasa moa dia ny mba hanatsarana ny fari-piainan'ny vahoaka, indrindra fa ireo tena sahirana amin'ny alalan'ny fampivoarana ny sehatry famatsian-drano fisotro madio sy ny fahadiovana ary ny fanadiovana.

Tena hamaly ny filan'ny mponina any anivon'ireo Fokontany iasana tokoa ity tetikasa ity satria hamaha ny olana sedrain'izy ireo andavan'andro mahakasika ireo singa telo notanisaina ireo.

Ny fanatrarana ny tanjona kinendry moa dia mitaky ny fandraisana andraikitra feno avy amin'ireo ankolafy rehetra voakasiky ny tetikasa, manomboka amin'ny mpitondra manam-pahefana ary mifarana any amin'ny isan-tokatrano. Koa dia antenainay tokoa araka izany fa hiara-mientana isika mba hahatontosaina an-tsakany sy andavan'ny ity tetikasa ity, ho tombotsoan'ny Renivohitr'i Vakinankaratra

**Avy amin'ny ekipan'ny EAST**

## Gazety miseho isan-telovolan'ny ONG EAST Madagascar

Ny ONG EAST (Eau Agriculture et Santé en Milieu Tropical) dia niorina tao Frantsa (Paris) tamin'ny taona 1986. Ny Dr Loïc MONJOUR no nanangana azy. Teo anelanelan'ny taona 2006 sy 2016, dia niasa tao amin'ny tanan'Antananarivo ny EAST. Fandaharan'asa momban'ny tantsoroka ara-pahasalamana sy ara-tsosialy teny amin'ny Fokontany miisa 50 mahery no notanterahiny tamin'izany.

Nanomboka niantsehatra eto amin'ny tanan'Antsirabe ny ONG EAST tamin'ny faramparan'ny taona 2016. Fanampiana ireo olona avy any amin'ny Fokontany sahirana amin'ny fahazoana rano fisotro madio, fahadiovana sy fanadiovana no fandaharan'asa volavolaina sy tanterahin'ny EAST eto Antsirabe. Maharitra 30 volana eo ho eo moa ny tetikasa izay hovoiziny.

Nanomboka tamin'ny alalan'ny fifanaovan-tsonia ny famatsiam-bola avy amin'ny SYCTOM ( ivon-toerana mpanodina ny fako any Frantsa ) sy ny Kaominina Antsirabe ny volana Septambra 2016 teo ny tetikasa. Marihina fa anisan'ny mpamatsy vola koa ny "Agence de l'Eau Seine Normandie" (AESN). Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy tamin'ireo mpiara-miombon'antoka (Kaominina Antsirabe, ny JIRAMA, ny Ministeran'ny Rano, CISCO Antsirabe, sns...) ny volana Desambra 2016 lasa teo kosa ny antspirihan'ny fandaharana'asan'ny EAST Ny volana Martsa 2017 indray no voasonia ny fifanaraham-piaraha-miasa teo amin'ny ONG EAST sy ny Kaominina Ambonivohitra Antsirabe, izay nosoloin-tenan'Atoa RAZANAKOLONA Paul, Ben'ny tanana sy Atoa Loïc MONJOUR Filoha mpanorina ny ONG EAST .



Mandritra ny telo taona no hanatanterahana ny tetikasa. Hiantsehatra amin'ny fananganana fotodrafitrasa iombonana momba ny rano (paompin-drano, toeram-pidivovana sy fivoahana, toby fanasan-damba, toeram-pivoahana iombonana sns...), ny fanaovana asa fanentanana eny amin'ny mponina momba ny fahadiovana, ny fanofananana sy fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpahazo tombotsoa ary ny fametrahana ny fitantanana maharitra ireo fako (fako avy any amin'ny tokatrano, plastika ary diky avy noloarana) ny ONG EAST.

**Mpahazo tombotsoa mivantana amin'ny tetika:** CUAbé, Fokontany 7 iasana sy ny mponina ao aminy, mpianatry ny EPP ary Fikambanana mpitantana ireo fotodrafitrasa.

**Mpiara-miombon'antoka :** CUAbé, GEVALOR/MADACOMPOST, JIRAMA, DREAH, CISCO, Fokontany 7 iasana;

### **TAREHIMARIKA VITSIVITSY MOMBA NY ASA HATAO:**

- 3 taona : Fe-potoana hanatanterahana ny tetikasa
- 20 : Paompin-drano
  - 1 : Toby fanasan-damba
  - 8 : Trano fivoahana iombonana
  - 4 : Toeram-pidivovana sy fivoahana
  - 1 : Toby fanodinana diky voaloatra
  - 2 : Toby fanodinana fako
  - 800 metatra: Lakandrano sy lalan-kely

Martsa 2017

## IREO DINGANA EFA VITA



**Fivoriana niarahana tamin'ireo lehibem-Pokontany fito**



**Fametrahana AUE Tomboarivo**



**Fametrahana AUE Ivory**



**Fametrahana AUE Ambohipeno**

Ireo Fokontany hanatanterahana ny tetikasa dia nosafidiana niaraka tamin'ny Kaominina Ambonivohitra Antsirabe.

Tamin'ny alalan'ny fivoriana no nampahafantarana ankapobeny ireo lehibem'ny Fokontany iasan'ny EAST ny fizotry ny tetikasa. Ety am-piandohana dia Fokontany fito no hahazo tombotsoa aminy: Ambohipeno, Ampatana, Ampanataovana, Atsimotsena, Bemasoandro, Ivory ary Tomboarivo.

Ny fijerena ifotony ny zava-misy amin'ny sehatry ny rano, fahadiovana ary fahadiovana no anisan'ny dingana voalohany natao teo am-panombohana ny tetikasa. Mba ahafahana manao izany, notanterahina teny anivon'ny Fokontany fito ny 31 Janoary hatramin'ny 03 Febroary ny fanadihadihana teny anivon'ny toka-trano. Taorian'izay, niezaka namantatra ny filana ara-potodrafitrasa iombonana teny amin'ny Fokontany ny ekipan'i EAST.

Nanomboka ny herinandron'ny 20 Febroary dia nanatanteraka fivoriana niaraka tamin'ireo olona handrafitra ny fikambanan'ny mponina mpampiasa rano teny anivon'ireo Fokontany iasana ny ONG EAST. Ireo fikambanana ireo moa no hitantana ny fotodrafitrasa haorina, arakaizay voarakitra ao anatin'ny fehezandalana momba ny rano na ny « Code de l'eau ». Io endrim-pitantanana izay ho ampihariny AUE io (antsoina ihany koa hoe fitantanana iombonana) no ho atao modely ho an'ny fotodrafitrasa momba ny rano eto amin'ny tananan'Antsirabe, raha famindram-pitantan'ny kaominina ho amin'ny olon-tsotra no endripitantanana an'ireo paompin-drano misy amin'izao fotoana izao.

Hisy fampiofanana sy fanamafisana ny fahaiza-manao homena ireo mpikambana isam-Pokontany. Aorian'izay dia afaka manohy ireo dingana arahina amin'ny fampijoroana azy ara-Panjakana ny fikambanana; ao anatin'izany ny fahazoana ny « récépissé » avy any amin'ny Ministeran'ny Atitany. Mifanindran-dalana amin'izany ihany koa ny tantsoroka sy fanaraha-maso amin'ny fifehezana ny teknikam-pitantanana an'ireo fotodrafitrasa, izay heverina fa hitsangana ao anatin'ny roa volana.

## ASA FANORENANA ANDIANY VOALOHANY



Paompin-drano miisa 20 eo ho eo no hatsangan'ny ONG EAST, ka ny valo amin'ireo dia vinavinaina haorina amin'ny volana Aprily eny amin'ny Fokontanin'Ambohipeno, Ambalakisoa, Atsimotsena, Ivory sy Ampatana ary Tomboarivo .

Natomboky ny ekipa teknika tamin'ny fijerena ifotony ireo fotodrafitrasa iombonana momba ny rano, fahadiovana sy fanadiovana efa misy eny amin'ireo Fokontany fito ny asa. Izany no natao dia mba hijerena ny endriny sy hamantarana ny mety ho filan'ny mponina.

Niainga avy tamin'ny fangatahana nataon'ny lehibem-pokontany sy ireo mponina mpahazo tombontsoa, nidina ifotony ny ekipan'i EAST hijery ireo toerana voafaritra hananganana ny paompin-drano. Izany no natao moa dia mba ahafahana mijery ny fahafaha-manao azy ireo ara-teknika. Nisy fidinana fanindroany ihany koa niarahan'ny ekipa teknikan'i EAST sy ireo teknisianina tao amin'ny JIRAMA sy ny Kaominina. Tamin'izany no nahafahana nanamarina ny mombamomba ireo tany hanorenana sy ny fisian'ny fitarihan-dranon'ny JIRAMA akaiky azy.

Tsara ny manamarika fa nandefa « appel d'offre » ny ONG EAST mba hisafidianana ireo orinasa hanatanteraka ny asa fanorenana.



1-2: Bemasoandro, 3-4: Ampatana, 5: Ivory, 6: Tomboarivo, 7: Ambohipeno, 8: Atsimotsena

## VINAVINAN'ASA MANARAKA SY FAMPAHAFANTARANA NY EKIPA MANDRAFITRA NY EAST

### Fitantanana ny fako avy any an-tokatrano iarahana amin'i MADACOMPOST



Ny ekipan'i EAST teny amin'ny fanariana fako monisipaly eny Ivohitra

Raha eo amin'ny sehatry ny fitantanana ny fako an-tanan-dehibe no resahina dia miara-miasa akaiky EAST sy MADACOMPOST, ity farany izay orinasa malagasy mpanangona sy mpanodina ireo karazam-pako. Eny Ivohitra, mifanakaiky amin'ny fanariana ny fako monisipaly no misy ny toby fanodinam-pako tantanin'i MADACOMPOST. Fako maherin'ny 12 taonina isan'andro eo ho eo no voaray ao amin'ny toby ka ahodina ho lasa zezika. Hisy fikarohana hatao ato ho ato hijerena ny fahafaha-manao amin'ny fanitarana io toby fanodinana fako avy any an-tokatrano io sy ny fametrahana toby vaovao hanodinana ny fako plastika.

Mba ahafahana mijery ihany koa ny fomba hanangonana ny fako isa-tokatrano eto amin'ny tanan'Antsirabe, EAST sy MADACOMPOST dia nanatanteraka fanadihadiana teny anivon'ny tokatrano tamina Fokontany miisa enina. Raha ny valin'ny fanadihadiana no nojerena dia mahavelompanantenana satria ny ankamaroan'ireo tokatrano nanaovana fanadihadiana dia marisika amin'ny hanangonana ny fakon'izy ireo ary vonona handray anjara ara-bola amin'izany. Ho hita amin'io volana hitsidika io ny mety ho tohiny taorian'ny fanadihadiana natao.



Fanariana fako monisipaly Ivohitra



Fako eo an-dalam-panodinana ho lasa zezika



Zezika azo tamin'ny fanodinana ny fako



### **NY EKIPA MANDRAFITRA NY ONG EAST** *Avy any ankavia miankavanana*

Feno (*Responsable technique*),  
Henintsoa (*Socio-animatrice*),  
Jérémie (*Représentant national*),  
Soaharilala (*Socio-animatrice*),  
Dr MONJOUR (*Filoha mpanorina*),  
Rado (*Responsable des activités*).



**ONG EAST Madagascar**

**Adresse:** Lot 910 G 102 Mahafaly Vatofotsy  
Antsirabe 110

**mail:** east.madagascar@gmail.com

**Tél:** 032 11 402 54– 032 11 402 59